Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

# «NY FANOMPOANA EO AMIN'NY FIANGONANA AO ANATIN'NY VANIM-POTOANA MIOVAOVA, ARAKA AN'I STEFANA»

*«Servir dans l'église dans un monde en pleine mutation, à la suite d'Étienne»*
(Acte 7)

## A - Tsiahy / Rappel

1) **Fifandirana teo amin'ny fiangonana** *(des tensions entre les disciples juifs de culture grecque et ceux qui étaient nés en Israël à cause des veuves de culture grecque défavorisées)*
Nihamaro be ny mpianatra, ka nifanditra tamin'ny Jiosy miteny hebreo ny Jiosy miteny grika satria natao tsirambina ny mpitondratena teo aminy tamin'ny fizaràna sakafo isan'andro.
(Asa 6:1 )

2) **Mifototra ny laharam-pahamehana** *(Inversion des priorités)*

Lasa tsy laharam-pahamehana intsony ny fitoriana ny tenin'Andriamanitra. (Asa 6:2, 4)

3) **Vaovao mahafaly** *(Bonne Nouvelle)* : nofidiana ireo diakona mba hitondra vahaolana. Les diacres ont été élus pour pallier ce problème.

4) **Vokany** *(Résultats)*: *propagation de la Bonne Nouvelle et croissance de l'église.* Niroborobo ny tenin'Andriamanitra, nitombo be dia be ny isan'ny mpianatra tao Jerosalema, ary nisy mpisorona maro nanaiky ny finoana.(Asa 6:7)

5) **Fanoherana avy any ivelany** *(Opposition venant de l'extérieur)*

Nanohitra an'i Stefana ireo olona avy amin'ny sinagôgan'ny Libertina , Aleksandrianina, mbamin'ny sinagôgan'ireo terak'i Silisia sy ny faritany Azia. (Asa 6:9)

6) **Vaovao Mahafaly** (Bonne nouvelle):
*Incapables de résister à la sagesse des paroles d'Étienne.*Tsy nahatohitra ny fahendrena avy amin'ny Fanahy Masina Izay nampiteny an'i Stefàna izy ireo (Asa 6:10)

Tamin'izay dia nanarama olona izy ireo hilaza hoe: « nanevateva an'i Mosesy sy Andriamanitra i Stefàna .»
Nomeny fo ny vahoaka sy ny loholona ary ny mpahay lalàna .
Nosamboriny ary nentiny ho any amin'ny Fitsarana ambony sady nananganany vavolombelona mandainga hiampanga azy hoe:
Manohitra ny tempoly masina sy ny lalànan 'i Mosesy io lehilahy io, nilaza fa i Jesoa avy any Nazareta dia handrodana ny tempoly ary hanova ny fanao natolotr'i Mosesy.

Samy nibanjina an'i Stefàna izay rehetra tao amin'ny Fitsarana ambony ka nahita ny tarehiny miendrika tarehin' anjely .
(Asa 6:11-15)

## B - Le seul moyen de servir dans un monde en mutation c'est de se nourrir de la Parole de Dieu.

**Ny hany fomba tokana ahafahana manompo eo amin'ny fiangonana amin'ny vanim-potoana miovaova dia ny fivelomana amin'ny Soratra Masina ary ny Soratra Masina manontolo.**
*Le seul moyen de servir dans un monde en mutation c'est de se nourrir de la Parole de Dieu, et* ***la Parole dans sa totalité****.(Sola et Tota scriptura)*

## Hoy kosa ny mpisorombe tamin'i Stefàna: –Izany tokoa ve no izy?
(Asa 7:1)

### a) Rappel de l'alliance de grâce conclue avec Abraham cité dans Gen 17

**Actes 7: 2 - 8**

2Hoy i Stefana: Mihainoa, ry rahalahy sy ianareo ray: Andriamanitry ny voninahitra niseho tamin'i Abrahama
razantsika raha tany Mezopotamia izy, fony tsy mbola nonina tany Harana, 3ka niteny taminy hoe: «Mialà
amin'ny taninao sy ny havanao ka mandehana ho any amin'ny tany izay hasehoko anao» (Gen 12.1). 4Dia

Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil,
Dijon, Evry-Fitiavana, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, La Réunion, Lille, Lyon, Melun,
Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago,
Reims, Rennes, Rouen, Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours,
Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana

eto
no
ny

taona. 7Nefa ny firenena izay hotompoiny dia hotsaraiko kosa, hoy Andriamanitra, ary rehefa afaka izany dia
hivoaka avy ao izy ka hanompo Ahy eto amin'ity tany ity» (Gen 15.13-14). 8Nomen'Andriamanitra azy koa ny
fanekena ny amin'ny famorana.

### b) Le Dieu de l'alliance (Dieu des patriarches Abraham, Isaac et Jacob)

**Actes 7: 8b**

Dia niteraka an'Isaka i Abrahama ka namora azy tamin'ny andro fahavalo; ary Isaka dia niteraka an'i Jakoba, i Jakoba dia niteraka ny patriarka* roa amby folo lahy.

### c) Deiu sauve le peuple de l'Alliance

**Actes 7: 9 - 19**

9Ary ny patriarka dia nialona an'i Josefa ka nivarotra azy ho any Ejipta; nefa nomba azy Andriamanitra 10ka
nahafaka azy tamin'ny fahoriany rehetra sady nanome azy fahasoavana sy fahendrena teo imason'i Farao,
mpanjakan'i Ejipta; ary nanendry azy ho mpanapaka tany Ejipta sy tao an-dapany manontolo izy. 11Dia nisy
mosary manerana an'i Ejipta sy Kanana rehetra ka mafy ny fahoriana; ary tsy nahita hanina ny razantsika.
12Koa nony ren'i Jakoba fa nisy vary tany Ejipta dia naniraka ny razantsika izy tamin'ny voalohany. 13Tamin'ny
fanindroany dia fantatr'izy mirahalahy avy i Josefa ary fantatr'i Farao koa ny havan'i Josefa. 14Ary naniraka
nampiantso an'i Jakoba rainy mbamin'ny ankohonany rehetra i Josefa ka olona dimy amby fitopolo ry zareo.
15Ary nidina nankany Ejipta i Jakoba ary maty izy sy ny razantsika; 16ary noentina ho any Sekema ka nalevina
tao amin'ny fasana izay novidin'i Abrahama vola tamin'ny zanak'i Hamora tany Sekema.
17Rehefa ho tonga ny fotoana hahatanterahan'ny teny fikasana izay nataon'Andriamanitra tamin'i Abrahama
dia nitombo sy nihamaro ny olona tany Ejipta, 18mandra-pitsangan'ny mpanjaka hafa tany Ejipta, izay tsy
nahalala an'i Josefa. 19Io mpanjaka io dia nanao hafetsena tamin'ny razantsika ka nampahory azy, dia samy
nanary ny zanany vao teraka ireo mba tsy ho velona izy ireny.

### d) Le plan providenciel de Dieu pour le pruple de l'alliance:

**Actes 7: 20 - 38**

20Tamin'izany andro izany no nahaterahan'i Mosesy, ary tsara teo anatrehan'Andriamanitra izy ka notezaina
telo volana tao an-tranon'ny rainy. 21Rehefa nariana izy dia nalain'ny zanakavavin'i Farao ka notezainy ho
zanany. 22Dia nampianarina ny fahendrena rehetra nananan'ny Ejiptiana i Mosesy ary nahery tamin'ny teniny
sy ny asany izy.
23Rehefa efapolo taona izy dia nitsiry tao am-pony ny fikasana hamangy ireo zanak'Israely rahalahiny. 24Raha
nahita ny iray nampijaliana izy dia niaro azy sy namaly ka namono ilay Ejiptiana. 25Noheveriny fa ho fantatry
ny rahalahiny fa ny tanany no hamonjen'Andriamanitra azy; kanjo tsy fantatr'izy ireo izany. 26Nony
ampitson'iny dia niseho tamin'olona izay niady i Mosesy ary nanao izay hampihavana azy ka niteny hoe:
Mpirahalahy ianareo, koa nahoana no miady? 27Fa ilay namely ny namany dia nanosika azy ka niteny hoe: Iza
no nanendry an'Ialahy ho mpanapaka sy mpitsara anay? 28Moa ta hamono ahy koa va Ialahy tahaka ny

namonoan'Ialahy ilay Ejiptiana omaly? 29Dia nandositra i Mosesy noho izany teny izany ka nivahiny tany amin'ny tany Midiana, izay niterahany zanaka roa lahy.
30Nony afaka efapolo taona dia nisy anjely niseho taminy tany an-tany efitry ny tendrombohitra Sinay, tao anaty lelafo teo amin'ny roimemy. 31Nony nahita izany i Mosesy dia gaga noho ny fahitana; nefa nony nanatona handinika izy dia tonga ny feon'ny Tompo hoe: 32«Izaho no Andriamanitry ny razanao, dia Andriamanitr'i Abrahama sy Isaka ary i Jakoba.» (Eks 3.6). Dia toran-kovitra i Mosesy ka tsy sahy nandinika.
33Ary hoy NY TOMPO taminy: «Esory ny kapa amin'ny tongotrao; fa masina io tany ijanonanao io. 34Hitako tokoa ny fahorian'ny oloko any Ejipta ary reko ny fitarainany, dia nidina hamonjy azy Aho. Koa avia ankehitriny fa hirahiko ho any Ejipta ianao» (Eks 3.5-10).
35Izany Mosesy izany ilay nolaviny ka nataony hoe: Iza no nanendry an'Ialahy ho mpanapaka sy mpitsara? Izy ihany no nirahin'Andriamanitra ho mpanapaka sy mpanavotra nomban'ny tanan'ny anjely, ilay niseho taminy teo amin'ny roimemy. 36Izy no nitondra ny olona nivoaka avy tany sady nanao fahagagana sy famantarana tany Ejipta, teo amin'ny Ranomasina Mena ary tany an-tany efitra nandritra ny efapolo taona. 37Izany no Mosesy ilay nilaza tamin'ny Zanak'Israely hoe: «Mpaminany no hatsangan'Andriamanitra ho anareo avy amin'ny rahalahinareo, tahaka ahy» (Deo 18.15). 38Izy ilay teo amin'ny fiangonana tany an-tany efitra niaraka tamin'ilay anjely izay niteny taminy sy tamin'ny razantsika tany an-tendrombohitra Sinay; nandray teny velona mba homena antsika izy.

## e) Infidélité du peuple de l'alliance:

**Actes 7: 39 - 44**

39Nefa ny razantsika dia tsy nety nanaiky azy fa nandà, ary manina an'i Ejipta ny fony 40ka hoy izy tamin'i Arona: «Anaovy andriamanitra izahay hitarika antsika eo aloha; fa ilay Mosesy iny, izay nitondra antsika nivoaka avy tany amin'ny tany Ejipta dia tsy fantatray izay nanjo azy.» (Eks 32.1). 41Dia nanao ombilahy kely izy tamin'izany andro izany ary nanolotra fanatitra tamin'ny sampy ka niravoravo tamin'ny asan'ny tanany. 42Fa Andriamanitra nihodina taminy dia namela azy hanompo ny kintan'ny lanitra, araka ny voasoratra ao amin'ny bokin'ny mpaminany hoe: «Moa nanolotra zavatra voavono sy fanatitra ho Ahy nandritra ny efapolo taona tany an-tany efitra va ianareo, ry taranak'Israely?
43Tsia, fa nobatainareo ny tranolain'i Moloka sy ny kintan'i Refana andriamanitrareo,
dia ny endri-javatra izay nataonareo mba hivavahana, koa hamindra anareo ho any ankoatra an'i Babilona Aho» (Amo 5.25-27). 44Ny tranolain'ny Vavolombelona dia teo amin'ny razantsika tany an-tany efitra, tahaka ny voatendrin'Ilay niteny tamin'i Mosesy mba hanaovany azy araka ny endrika izay efa hitany.

## g) Don de la terre promise:

**Actes 7: 45 - 50**

45Noraisin'ny razantsika izany ka noentiny niditra niaraka tamin'i Josoa tao amin'ny tanin'ny firenena izay noroahin'Andriamanitra hiala teo anoloan'ny razantsika hatramin'ny andron'i Davida; 46nahita fitia teo anatrehan'Andriamanitra i Davida ka nangataka hahita toerana ho an'ny tranon'i Jakoba. 47Fa i Solomona kosa no nanao trano ho Azy. 48Ny Avo Indrindra anefa tsy mitoetra ao amin'izay nataon-tanan'olona; araka ny nolazain'ny mpaminany hoe: 49«Ny lanitra no sezafiandrianako ary ny tany no fitoeran-tongotro; koa trano manao ahoana no hataonareo ho Ahy, hoy NY TOMPO? Ary manao ahoana ny ho toerana fitsaharako? 50Tsy ny tanako va no nanao izao zavatra rehetra izao?» (Isa 66.1, 2)

## h) Interpellation:

**Actes 7: 51 - 53**

51Ry olona mafy hatoka sady tsy voafora fo sy sofina, ianareo dia manohitra ny Fanahy Masina mandrakariva; tahaka ny nataon'ny razanareo ihany no ataonareo koa. 52Iza tamin'ny mpaminany no tsy nenjehin'ny razanareo? Novonoiny aza ireo izay naminany ny fiavian'Ilay Marina, izay ianareo no tonga mpamadika sy mpamono Azy ankehitriny, 53dia ianareo izay olona nahazo ny lalàna tamin'ny nanoloran'ny anjely azy nefa tsy nankatò izany.

## i) La mort d'Etienne (Ny nahafatesan'i Stefana)

**Actes 7: 54 - 60**

54Nony nandre izany izy ireo dia lotika ny fony ka nihidy vazana taminy izy. 55Nefa feno ny Fanahy Masina i Stefana ka nony nibanjina ny lanitra dia nahita ny voninahitr'Andriamanitra sy Jesosy nitsangana teo ankavanan'Andriamanitra, 56ka hoy izy: Indro, hitako ny lanitra misokatra ary ny Zanak'Olona* mitsangana eo ankavanan'Andriamanitra.

57Ary niantsoantso mafy ny olona sady nanampin-tsofina no niara-nirohotra teo aminy, 58dia nandroaka azy ho eny ivelan'ny tanàna ary nitora-bato azy. Nametraka ny fitafiany teo anilan'ny tongotry ny zatovo iray antsoina hoe Saoly ireo vavolombelona. 59Ary ny olona dia nitora-bato an'i Stefana, izay niantso hoe: Ry Jesosy Tompo ô, raiso ny fanahiko.
60Dia nandohalika izy ka niantso tamin'ny feo mahery hoe: Tompo ô, aza atao ho helony anie izao ota izao. Rehefa nilaza izany izy dia nodimandry.